


***Tsy nisy naharesy ilay Kenyanina Sammy Kiber Kipikorir***

▶ 6

Taratra 27/10/14

«MARATHON INTERNATIONAL DE TANA»


# Tsy nisy naharesy ilay Kenyanina Sammy Kiber Kipikorir

*Toy ny tamin'ny taon-dasa, mbola Kenyanina indray no nandresy teo amin'ny "Marathon international de Tana", andiany faha-14. Lasany izany ny volabe natolotra tamin'ity fifaninanana ity.*

Na dia tokana monja aza ny Kenyanina nifaninana tamin'ity *"Marathon international de Tana"* ity, tsy nisy nahatohitra azy ireo mpihazakazaka malagasy. I Sammy Kiber Kipikorir no nandrombaka ny laharana voalohany. 2 ora 25 mn 24 s noynamitany ny halaviran-dalana 42, 195 km. Raha lazaina ny fizotran'ny hazakazaka, nifarimbonan'ireo Malagasy ity Kenyanina ity, ary tsy navelan-dry zalahy hiala lavitra mihitsy. Tazana tao anaty *"peloton"*, niaraka tamin-dry Haja sy ry Fulgence, Jean de la Croix ary Prosper izy. Teo amin'ny 25 km nihazakazahana, nanomboka nitsoaka tsikelikely i Samy Kiber Kipikorir, ary tsy azo intsony mandra-pahatonga teo amin'ny tsipiky ny fahatongavana. Nambarany teo am-pahatongavana fa *«somary voakotaba ihany ny fifaninanana, noho ny fisian'ny mpijery sasany misalovana eny an-dalana, eny fa na mialoha kely ny fahatongavana aza. Izay no naharatsy ny fe-potoako. Tombony ho ahy ny traikefa sy ny fahaizako nitsitsy aina teny am-pihazakazahana»*. Lasan'ity Kenyanina ity izany ny lelavola 1.500.000 Ar, natolotra tamin'ity fifaninanana ity.

**Tsy nahazo "minima"**

Very 3 mn taoriany i Hajanirina, atleta avy amin'ny Cosfa. Na teo aza ity filaharana azon'i Haja ity, mbola izy hatrany no voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara. Tsy nahatratra ny *"minima"* 2 ora 25 mn hiatrehana ny *"Lalaon'ny Nosy"* (JIOI 2015), tanterahina atsy La Réunion, kosa nefa izy ka mbola hojerena eo ny amin'izay, araka ny nambaran'ireo tomponandraikitry ny federasiona malagasin'ny atletisma.



*Ilay Kenyanina, Sammy Kiber Kipikorir, teo am-pahatongavana. (Sary Tiana)*

Teo amin'ny vehivavy indray, Ramanantenasoa Marina, avy amin'ny Cnaps Sport, no voalohany. Ankoatra izay, nisy koa ny fifaninanana *"handirun"*, mirefy 5 km natokana ho an'ireo atleta manana fahasembanana. Marihina fa samy nahazo 1.000.000 Ar ny faharoa ho an'ireo sokajy roa ireo ary 700.000 Ar kosa ny fahatelo. 100.000 Ar kosa ny nomena ny voalohany teo amin'ny *"handirun"* ary 70.000 Ar ny faharoa raha 50.000 Ar ny fahatelo.

**Tompondaka**

**Ireo vokatra rehetra :**

**Marathon lehilahy :**
1-Sammy Kiber Kipikorir - 2 ora 25 mn 24 s
2-Andriamparany Hajanirina (Cosfa) - 2 ora 28 mn 09 s
3- Rakotomalala Jean de La croix (Crawn Antsirabe) - 2 ora 30 mn 19 s

**Marathon vehivavy :**
1-Ramanantenasoa Marina(Cnaps Sport) - 3 ora 21 mn 27 s
2-Razafimahatsara Elysée (COSPN) - 3 ora 27 mn 39 s
3-Ratinarison Landinirina (COSPN) - 3 ora 30 mn 20 s

**Handirun (Lehilahy)**
1-Rakotomahefa Jean Claude

Handirun (Vehivavy)
1-Rakotonirina Lovasoa